## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**17/07/2021 hatramin'ny 24/07/2021**

- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 020 22 620 02
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05 / 034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32 / 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65 / 034 14 011 65

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1187-07-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### SALON DE L'ARTISANAT 24 ÈME EDITION

# Hanandratra ny haja sy ny hasin'ny asa tanana Malagasy

Hotanterahina etsy amin'ny "Hotel Le Pavé" Antaninarenina, hanomboka amin'ny 28 Jolay 2021, ka hatramin'ny 30 Jolay 2021 ho avy izao, ny "Salon de l'artisanat" andiany faha-24. Hetsika ara-barotra izay karakarain'ny Sekoly "AJEEM Madagascar", miaraka amin'ny fandraisana anjaran'ireo tranoeva miisa 35 ahitana an' ireo fitaovana isan-karazany, ny fitafy sy ny vokatra maro samihafa vita eto an-toerana ary ny sakafo Malagasy maro lafy, izay mampiavaka ny Nosy . Nilaza Ramatoa Tsinjonirina Antsa mpikarakara ny "Salon de l'artisanat", fa na dia eo aza ny tsy fisian'ny vidim-pidirana sy ny fisian'ny "Tombola" ho an'ny mpitsidika dia ny fampahafantarana ny "Plate forme internationale" ho an'ny mpanao asa tanana Malagasy, mba hahafahan'ireto farany mampiseho ny sangan'asany sy mandray "Commande" avy amin'ny mpanjifa any ivelany, no hampiavaka an' ity hetsika andiany faha 24 ity. Nanohy fanazavana ny mpikarakara ny hetsika, fa hahazo tombontsoa ny mpanao asa tanana amin'ny fidirana amin'ity "Plate forme Internationale" ity, satria dia lalam-barotra iray eo amin' ny sehatra iraisam-pirenena ny fidirana amin'ity "Plate forme" ity, mba hahafahan'ireto farany manondrana ny vokatra any ivelany amin'izao fikatonan'ny sisintany nohon' ny fapetra ara-pahasalamana izao. Marihina fa mpitsidika miisa 2000 no andrasana amin'ity hetsika "Salon de l'artisanat" ity ary ny fanomezana lanja ny soatoavina, sy ny asa tanana Malagasy amin' izao fotoan-tsarotra izao, no tanjon'ny hetsika.

***Franck Razakambelo***



*Ireo mpikarakara ny Salon de l'Artisanat andiany faha24.*

17 jolay, Ranomasimbe Indiana

# Nomarihana ny andron'ny "toekarena manga"



*Ananan'i Madagasikara betsaka ihany koa ny mahakasika ny resaka "toekarena manga".*

Ny harena voarakitra amin'ny rano: ranomamy, ranomasina no atao hoe "toekarena manga", na "économie bleue". Arak'izny, ny ranomasina dia manome foto-pivelomana sy sakafo ho antsika, ary isan'ireo miantoka ny fandrosoan'ny toekarem-pirenena. Manatsara ny andavanandrom-piainan'ny mponina amin'ny morontsiraka ihany koa izy, sady manampy betsaka amin'ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toetrandro. Mba hanomezana lanja ny fihariana manga dia nikarakara ny andron'ny toekarena manga ny COI, na ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana ny 17 jolay lasa teo. Fotoana iray izay natokana, mba hikaonan-doha mahakasika ny fanamby lehibe amin'ny fitrandrahana ny ranomasina, izay natrehan'ireo firenena ao amin'ny Ranomasimbe Indiana.
Mpikaroka, fikambanana tanora, mpisehatra amin'ny sehatra tsy miankina avy amin'ny firenena 8 no nandray anjara tamin'izany dia Afrika Atsimo, Kaomôro, Frantsa, Kenya, Maorisy, Seychelles, Tanzanie ary Madagasikara. Nifantohana manokana ny fomba fitantanana maharitra ireo harena an-dranomasina sy ny fiarovana ny zavamananaina ary ny fari-dranomasina sy ny morontsiraka. Ity hetsika ity dia isan'ny tafiditra anatin'ilay tetikasa goavana « 2021 : taona manga ho an'ny Ranomasimbe Indiana ».

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 357**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0356)

***Mitsivalana***
- Farafara
- Isa – Eny
- Nahita
- Riba
- Lainga (miv)
- Nial(a) – Ala
- AS – Havia (miv)

***Mitsangana***
- Finoana
- Asa – Gis(a)
- Rahona
- Ila
- Fetra
- Valiana (miv)
- Ry – La
- Hatao (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 357




**Mitsivalana**

**1.** Mitsentsina **2.** Taova - Mamarana ny adinay **3.** Mpiaramonina **4.** Tolona - Foto-tsakafo (miv) **5.** Nandalina **6.** Kianteny - Renintsoratra mitovy **7.** Farafara **8.** Mena lalandava - Notanterahana (miv) **9.** Feo miverina - Efitrano fianarana **10.** Mpanondro - Voankazo

**Mitsangana**

**A.** Mangotraka - Esotra **B.** Fanafody - Firinga **D.** Angatahina **E.** Eloka (miv) - Eo amin'ny tratra **F.** Manao mihoatra - Tsipaka **G.** Aretina (miv) **H.** Anaran-dehilahy (miv) **I.** Nivadika - Vizana **J.** Làlam-pirenena - Mialoha ny Papa **K.** Laharana eo amin'ny tafika

### Valiny Teny mifanaraka 0356

**Mitsivalana**

**1.** Rongony - Do **2.** Ara - Roa (miv) **3.** Nanomezana **4.** Osa - AN **5.** Miantoka **6.** La - Rano **7.** Niampy - Ela **8.** Manaitra (miv) **9.** Zaitra (miv) - Ay **10.** Ota - Siansa

**Mitsangana**

**A** Ranomena **B.** Ora - Tary (miv) **D.** Nangalatra **E.** Namit(a) **F.** Tompo (miv) - Pais(o) **G.** Esorinay **H.** Zaka - Aza **I.** AA - Mena (miv) **J.** Dona - Lo (miv) - AS **K.** Orana - Avia